NY TENY FIAINANA

"Ary raha ilay tsy mizaha tavan'olona, fa mitsara araka ny asan'izy rehetra, no antsoinareo hoe Ray, dia mitondrà tena amin'ny fahatahorana mandritra ny andron'ny fivahinianareo ety."

I Petera 1:17

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Ny volamena 73,5 kg mbola any Afrika Atsimo, izy 3 lahy niverina am-ponja

Laurent Ramarotia: ny volamena 73,5 kg mbola any Afrika Atsimo, izy 3 lahy tratra tany nahazo fahafahana vonjy maika, niverina nidoboka am-ponja. Nosamborin'ny Interpol indray izy 3 lahy tratra nanondrana volamena 73,5kg, rehefa avy nomen'ny fitsàrana any Afrika Atsimo fahafahana vonjimaika. Ny mandat d'arrêt international nataon'ny fitondrana Malagasy no voalaza fa nanaovana fisamborana azy ireo indray. Eo am-pelatanan'ny Interpol indray izany izao ny raharaha.

Andriantsara Raherinjafy : in-2 mahita ny maizina, toy ny tain'omby natsentsina lavabary zany ry zalahy.

Christine Kam Line Mac : viloma !

Freedy Ambato Fredy : fa iza no nanefa ilay vola nanaovana libertée sous caution, no iza koa no naniraka ny interpol hisambotra? tena mission impossible foana izany izay rehetra miainga eto.

Raindo Andrianarisoa : Freedy Ambato Fredy: mazava zany tompoko, efa mody nanao demande t@ interpol ny fanjakana gasy, nataony zay hivohahan'izy 3 lahy naloany ny caution d nivoka retsy farany d nosamborin'ny interpol @zay mba hatao extradition aty Madagasikara mba hangina ry zalahy.

Freedy Ambato Fredy : Raindo Andrianarisoa: dia tena variana daholo ny dondrona rehetra izany hanaovan'ny bac+24 anazy ko.

Kiky Rakotoarinia : film Malokila faha firy moa ?

Mamitiana Robison : aleo samboriny any.

Iphicrate Ianjanizo : misy magie ao anaty kapoka zany!

Kilandy Sahy Randriamahadimby : tsitako tsony !

Alfred Todimila : aza mbola miteny ny marina foana, fa ho hitanareo daholo ny fonja manerana izao tontolo izao e!

Hanta Vololona : ny vola namoahana azy izany lany fotsiny, ny volamena votsotra: bye bye volamena!

Fetra Arthur Rabearimanana : Hanta Vololona: satria lay vola keta sy kodony ! Famerimbola avy nihinanana cafe s mofo e ! (Dimbaka)miaraka @ kaoatry ! Taloh zany ! Hi hi hi !

Gérard Ramanantsoa : kiiiiiii...dia ataon'olo fakàna caution fotsiny zany! Andriamparany Ninhy : tsy afaka mora izany ny mpanao ratsy !

Hary Vololona : resabe no betsaka e, avy nandoa caution ve dia nanome baiko indray hoe sambory, politika tsy alehany no be, cinéma!

Michou Daniellah : ny tompony no tokony hatao haza lambo.

Razafinandrasana Soaraibe : Michou Daniellah : ny trozona no tokony ho samborina fa tsy ireo pirina tratra ireo.

Joe Martel Randrianarivony : io efa affaire internationale fa tsy isika gasy irery intsony,volam-bahoaka very fotsiny ny nandoavana ny caution 'ireo telo lahy.

Nicaise : fa angah tsy hoe alain'ny fanjakana mivantana ry zareo raha vao vita ny fitsarana tao Afrika Atsimo,... fa inona no hidiran'ny Interpol @ zany sa misy affaire hafa dia ahoana ny momba ilay entana?...

Tinasoa Miah : cinéma !

Polo sy ti Lemroro : zany moa. Fa nga moa i Raoul tsy namoahana mandat d'arrêt international no mbola afaka mifidy ny ho filohan'ny Caf. Sa ve hoe ahoana? mahagaga mantsy!

Freddy Randriamifidy : aleo hivoka ny marina e !

Jacques Rainihaga Andrianomanana : tsy azoko, olona efa migadra ve dia mbola hanaovana mandat d'arrêt international ihany ?

Marie Dinvan : Jacques Rainihaga Andrianomanana : ka hoe efa nandoavana vola be (caution), ahazo liberté provisoire ko, ka tsy nety ve ny tetika ? Sa efa tafaporitsaka ?

Mamy Van Van Rakoto : mba ataovy mangarahara izy ty e !

Martial Tovonirina : loza ny Fitsarana Gasy indray hono no nanao ny fisamborana nefa izy no nanome Caution. Vendrana be miteniteny foana... Izany no izy rehefa miandry baiko fotsiny fa tsy tena manao ny asa tsara. Aty @ Fitsarana Gasy ny mason'izao tontolo izao !

Arp Helisoa : Martial Tovonirina : dia gaga ny tena.

Magali Rasanj : mampiesona, mandrirarira ny affaires. Tsy misy volamena miverina amin' ny gasy. Saisi volamena ny Sud africain, noho izany efa lasa any mety hatao lavante na détruit.

OLAN'NY MALAGASY ANY AMIN'NY TANY ARABO

Nandefa taratasy misokatra amin'ny Praiministra Ntsay Christian ny Alliance Diaspora any ivelany

Manoloana ny olan'ireo Malagasy miasa any amin'ny tany Arabo, nandefa taratasy misokatra any amin'ny Praiministra Ntsay Christian ny Alliance Diaspora any ivelany.

Taorian'ny fivorian'ny birao mpandrindra ny Alliance Diaspora, niaraka tamin'ny solontenan'ny malagasy monina ao Koweit ny 17 martsa 2021 dia raisinay ho voninahitra ho anay ny mandefa aminao ity taratasy ity araka ny fanapahankevitra noraisin'ny rehetra, hoy ny fanambarana. Ny Alliance Diaspora dia fivondronan'ny malagasy rehetra maneran-tany, mianatra sy miasa aty ivelan'ny tanindrazana. Misy mpikambana ato amin'ny Alliance Diaspora avokoa ny kaontinanta rehetra eto ambonin'ny tany. Mikaondoha miara-mitady hevitra hampandrosoana ny tanindrazantsika arakaraky ny fahaizan'ny tsirairay. Andriamatoa Praiministra, mampalahelo ny zavamisy sy mitranga mahazo ireo malagasy namana any amin'ny tany arabo :

- Maro ny malagasy maty ary very faty halevina any, tsy nisy fombafomba hanomezam-boninahitra ny razana fa nalevina sanatrian'ny vava toy ny fatin'alika.

- Misy ny olana mahazo indrindra ny vehivavy alohan'ny ahafatesany, na alohan'ny hilatsahany ao amin'ny olana goavana toy ny fanerena firaisana ara-nofo amin'ny mpampiasa, eo koa ny tsy fahazoana karama, ny asa miendrika fanandevozana manomboka amin' ny 6 ora maraina, ka hatramin'ny 3 ora maraina (adin'ny 21 ora).

- Ireo no mitarika azy handositra nefa tsy manana pasipaoro satria tazonin'ny mpampiasa ny taratasy mombamomba azy rehetra. Dia misy migadra amin'izao fotoana izao.

Ny sary famantaran'ny Allince Diaspora any ivelany.

- Misedra olana maro ny ankamaroan'izy ireo ary eo amin'ny 15 no miangavy aminao ny hampodiana azy ireo antanindrazana maika dia maika satria efa tena tsy zakan-dry zareo intsony ny toe-javatra iainany, ka mangataka izy ireo mba hanomezana azy LAISSEZ PASSER hahafahana mody, sy izay fanampiana rehetra azon'ny fanjakana hatao.

- Maniry ny hijeren'ny mpiandraiki-draharahan'ny ambasady Malagasy ao Arabie Saoudite, ny malagasy rehetra manana olana any Koweit sy Arabie Saoudite.

Manantena valiny mahafapo avy aminao izahay, hoy ihany ny fanambarana, amin'ny maha tompon'andraikitra volohany anao ao amin'ny mpanantanteraka ary heverinay fa adidinareo ny miahy sy mijery ireo namana sy havana malagasy monina any amin'ny tany arabo.

Ny solontenan'ny biraon' ny Alliance Diaspora nanao izao fanambarana izao dia Amirale Van, Angelico Rakotoarisoa, Jean Félicien Korodo, Rijade de Nosy be, Rinah Agnès.

Nangonin'Isambilo

Inspmad

Namoaka mpianatra manana fari-pahaizana « licence » miisa 291

Mpianatra miisa 291 mitondra ny anarana « Promotion Safira », nahavita fiofananana 3 taona amin' ny « Kynesithérapie», « Technicien de laboratoire », « Infirmière généraliste », « Sage femme », no navoakan'ny sekoly Inspmad (Institut Supérieur de Paramédicaux à Madagascar), tetsy amin' ny Cci Ivato omaly. Lanonana teo ambany fiahian'ny Solombavambahoaka Razafitsiandraofa Brunnel, filoha lefitry ny Antanimierampirenena niaraka amin'ireo mpiandraikitra eo anivon' ny sekoly Inspmad, sy ireo mpianatra notronin'ny Ray amandrenin'ny mpianatra, niaraka amin'ny havana aman-tsakaiza. Nilaza Andriamatoa Razanadrakoto Roland, Tale Jeneralin'ny Inspmad, fa vokatra tsara ho an'ny taom-pianarana 2021 ny namoahana an'ireto mpianatra nahazo fari-pahaizana « Licence » ireto, satria nisedra fotoana mafy teny amin'ireo toeram-pitsaboana manerana ny nosy nohon'ny fandalovan'ny aretina Coronavirus ireto farany. Nanohy fanazavana ity Talen'ny Inspmad ity, fa nirotsaka an-tsehatra tamin' ny asa an-tsitrapo teny amin'ireo toeram-pitsaboana ny mpianatra nandritra ny fanatanterahana ny « Stage » nanomboka ny taona voalohany, ka hatramin'ny taona fahatelo ary ny « Education Citoyenne et Patriotique » no nitondrana an'ireto « Promotion Safira » ireto nandritra izay telo taona izay. Nilaza Andriamatoa Razafindrakoto Roland, fa tamin'ity « Promotion » ity ihany koa no nanombohana ny fampianarana nampitain-davitra tamin' ny alalan'ny « Programme d'innovation de modalité de transfert de compétence », ao anatin'izany ny fampiasana ny « Technologie de la communication », sy ny fifehezana ny « Methodologie de recherche », izay namolavola ny mpianatra ho lasa mpikaroka, fa tsy mijanona ho mpandray fahalalana fotsiny, teo ihany koa ny fiovan'ny fomba fiasan'ny mpampiantra ho lasa « Coach professionnel », fa tsy mijanona ho mpanome fahalalana ho an'ny mpianatra fotsiny. Namarana ny fanehoankeviny ny Tale Jeneralin'ny Inspmad, fa tsy ho sahirana amin'ny fitadiavana asa ireto mpianatra ireto satria nandranto fahaizana mifanaraka amin' ny « Programme de recherche », izay mifanandrify amin'ny filan'ny tsena anatiny sy ny tsena iraisam-pirenena ny « Promotion Safira ». Marihina fa ny Solombavambahoaka voafidy tany amin' ny Distrikan' Ikongo, sy ny Tale jeneralin'ny Inspmad no Rayamandreny mpiahy ny « Promotion Safira ».

Ny famoahana ireo mpianatra tao amin'ny INSPMAD teny amin'ny CCI Ivato.

Franck Razakambelo